Free Digital Copy From ServeNow

# *IREO ZAVA-DEHIBE FOTOTRA TOKONY HO FANTATRAO MOMBA NY BAIBOLY*

**Lars B. Dunberg**

ServeNow

Free Digital Copy From ServeNow

***Ireo Zava-Dehibe Fototra Tokony Ho Fantatrao Momba Ny Baiboly***

***The Basic Things You Need to Know About The Bible (Malagasy)***

Lars B. Dunberg

Copyright © 2014 by *ServeNow.*
Used by Permission. All rights reserved.

ISBN 978-1-959855-27-9

Scripture quotations translated into Malagasy are taken from The Holy Bible, New International Version®, NIV®Copyright © 1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc.™ Used by permission of Zondervan.

All rights reserved worldwide. www.zondervan.com.The "NIV" and "New International Version" are trademarks registered in the United States Patent and Trademark Office by Biblica, Inc.™

Published by *ServeNow*
1817 Austin Bluffs Parkway #110
Colorado Springs, CO 80918, USA

Free Digital Copy From ServeNow

# Ireo zava-dehibe fototra tokony ho fantatrao momba Ny Baiboly

## Fampidirana

Ny Baiboly no boky be mpividy sy naparitaka betsaka indrindra eran-tany. Hatramin'ny Septambra 2020, dia natonta tamin'ny fiteny 704 ny Baiboly manontolo, tamin'ny fiteny 1551 fanampiny ny Testamenta Vaovao ary tamin'ny fiteny 1 150 fanampiny ny ampahany sasany amin'ny Baiboly.

Ny teny hoe "Baiboly" dia avy amin'ny teny latinina 'bíblia' ary 'bíblos' kosa amin'ny teny grika. Midika hoe boky, na andiam-boky izany. Nantsoina ihany koa hoe Soratra Masina na Teny Masina izy — izany hoe izay anarana rehetra ka midika hoe soratra masina. Ny Baiboly dia fitambarana boky sy taratasy miisa 66 nosoratan'ny mpanoratra miisa 40 mahery, nandritry ny 1 500 taona teo ho eo. Telo ihany ny fiteny tany am-boalohany nanoratana ny Baiboly. Ny ankamaroan'ny Testamenta Taloha dia nosoratana tamin'ny teny hebreo, afa-tsy ny ampahany vitsy izay amin'ny teny arameana. Ny Testamenta Vaovao iray manontolo dia nosoratana tamin'ny teny grika mahazatra, izay antsoina matetika hoe Grika Koine.

## Ny tenin'Andriamanitra

Tenin'Andriamanitra ara-tsindrimandry ny Baiboly. *Avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra avokoa ny soratra rehetra ka mahasoa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana* (2 Timoty 3 :16).

Voalohany indrindra, dia manambara ny tantaran'ilay Andriamanitra Mpamorona sy ny fitiavany ny

Free Digital Copy From ServeNow

taranak'olombelona izy io. Mianatra ny amin'ny tanjony sy ny fikasany isika, hatramin'ny taloha indrindra ka mandraka ankehitriny. Hitantsika fa te hanana fifandraisana manokana amintsika olombelona Izy.

Ny lohahevitra fototry ny Baiboly dia ny drafitr'Andriamanitra hitondra famonjena ho antsika. Ny foto-kevitra momb ny famonjena ao amin'ny TestamentaTaloha dia voafaritra tsara teo amin'ny fanafahana ny Israely avy tany Egypta araka izay voarakitra ao amin'ny Eksodosy, ilay boky faharoa ao amin'ny Baiboly.

Ny Testamenta Vaovao dia mamaritra ny fomba hahatongavan'ny famonjena antsika amin'ny alalan'i Jesoa Kristy. *Fa tian'Andriamanitra fatratra izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay* (Jaona 3:16). Amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy dia voasintona ho amin'ny fiainana be dia be eto an-tany sy ho amin'ny mandrakizay ny olombelona.

Ao amin'ny Baiboly no anehoan'Andriamanitra ny tenany amintsika. Hitantsika ao ny toetrany sy ny maha-Izy Azy, ny fitiavany, ny fahamarinany, ny famelan-keloka avy Aminy ary ny fahamarinany. Maro no niantso ny Baiboly ho boky torolalana ho an'ny fiainana. *Ny teninao no fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako* (Salamo 119:105).

Boky miavaka mihitsy ny Baiboly; isan-karazany ny votoatin-kevitra sy ireo endrim-panoratana ao aminy ary nosoratan'ny vondrona mpanoratra maro izany. Manambara ny drafitr'Andriamanitra sy ny sitrapony ho an'ny fiainanao izany.

Ny Baiboly dia boky voarara nandritry ny taona maro, ka ny mpitondra fivavahana sy ny manam-pahaizana ihany no nanana azy. Ankehitriny kosa anefa dia aingam-panahy ho amin'ny fiainana ho an'ny manodidina ny ampahatelon'ny mponina eran-tany izy io.

Free Digital Copy From ServeNow

**Inona no voarakitra ao amin’ny Baiboly?**

Mizara roa lehibe ny Baiboly dia ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao. Ny tsirairay amin'ireo fizarana ireo kosa dia mizara ho vondrona lehibe, ary mizarazara ho boky tsirairay avy eo.

## NY TESTAMENTA TALOHA

Misy boky 39 isa ao amin’ny Testamenta Taloha, izay mandrakariva dia mivondrona ho fizarana efatra.

### *Fizarana 1: Ireo boky dimin’ i Mosesy, antsoina koa hoe Pentatioka*

*Genesisy*

Ny teny hoe “Genesisy” dia midika hoe “fiandohana” na “fiaviana”. Io boky io dia mirakitra ny tantaran’ny niandohan’izao rehetra izao, ny taranak’olombelona, ny fiainam-pianakaviana, ireo firenena maro, ny fahotana ary ny fanavotana.

Ny Genesisy no fototry ny fahatakarana ny boky sisa voasoratra rehetra ao amin’ny Baiboly. Bokin'ny fifandraisana izy io; ny fifandraisana eo amin’Andriamanitra sy ny zava-boary, eo amin’Andriamanitra sy ny olona, ary eo amin’ny tsirairay.

Ny tapany voalohany amin’io bokyio dia milaza ny tantara manomboka eo amin’i Adama ka hatramin’i Abrahama. Ny ambiny kosa dia mamaritra ny fifandraisan’Andriamanitra tamin’ireo Patriarka: Abrahama sy Isaka ary Jakoba. Eo amin’ny fiafaran’ny boky dia nifindra tany Egypta i Jakoba sy ny fianakaviany mba hiarahonina amin’i Josefa zanakalahin’i Jakoba sy ny ankohonany.

*Eksodosy*

Ny teny hoe Eksodosy dia midika hoe “fivoahana” na “fiaingana”. Tamin’ny alalan’io boky io no

Free Digital Copy From ServeNow

nanambaran'Andriamanitra ny anarany. Asehony ao ny toetrany sy ny maha Mpanavotra Azy. Mampianatra ny olony ny fomba fankalazana Azy Izy. Hitantsika ao amin'ity boky ity ireo fampianarana momba an'Andriamanitra ho Ilay marina sy masina ary azo itokisana. Ny boky dia mitantara ny niantsoana an'i Mosesy, ny fampahoriana ireo Jiosy tany Egypta sy ny nialan'izy ireo tany. Teo an-tendrombohitra Sinay dia nandray ny fanekem-pihavanan'Andriamanitra sy ny lalàna ary ny Didy Folo ny Zanak'Israely.Ny boky ihany koa dia mirakitra famaritana ny Vata misy ny Fanekena sy ny Tabernakely, ilay toerana nihaonan'Andriamanitra tamin'ny olony.

*Levitikosy*

Ny Levitikosy dia nomena anarana toy izany satria izy io no mitarika ho amin'ny lalàn'ny fanompoana sy ny fanompoam-pivavahana, izay manan-danja manokana amin'ny fokon'i Levy. Nantsoina ihany koa hoe "Torolalana ho an'ny Mpisorona" izy io — bokytorolalana ho an'ny vahoakany vao navotana, izay maneho amin'izyireo ny fomba hitsaohana sy hanompoana ary hankatoavana an'Andriamanitra masina. Io boky io dia manome toromarika momba ny fanatitra, ny fanendrena an'i Arona sy ny zanany ho mpisorona, ary ny fitsipika momba ny fiainam-pahamasinana. Mamariparitra ny amin'ny andro firavoravoana sy vanim-potoana samihafa, ny Sabata, ny Andro Fanavotana, ary ny fepetra takiana amin'ny fitahian'Andriamanitra io boky io.

*Nomery*

Ny anaran'io boky io dia avy amin'ny hoe fanisana, fanisam-bahoaka, fanisana ny vahoaka Israely izay natao nandritry ny dia tany an-tany efitra.

Iray amin'ireo lesona hianarana ato amin'ity boky ity ny hoe rehefa manao zavatra tsy am-pinoana ny olona dia tsy mahatsapa ireo fitahiana tsara indrindra eo amin'ny

Free Digital Copy From ServeNow

fiainany. Ny tsy finoan'ny Israely ihany koa dia nitarika ho amin'ny fitsaran'Andriamanitra.

Ny lesona lehibe indrindra ao amin'ny Nomery dia ny hoe tsy maintsy mandeha amin'ny finoana ny vahoakan'Andriamanitra, ary matoky ny teny fikasany raha te handroso. Ny boky dia maneho an-tsary ny Israely ho vahoakan'ny fanekem-pihavanan'ny Tompo ka navotana sady mpanompon'Andriamanitra.

*Deotoronomia*

Ny boky farany dia manana anarana midika hoe "lalàna faharoa", na "dika mitovy ny lalàna". Ny Deoteronomia dia mahakasika ireo lahateny fanaovam-beloma nataon'i Mosesy tamin'ireo taranaka vaovao. Mametraka fihaikana amin'izy ireo izy mba hihainoany ny lalàn'Andriamanitra. Mampianatra azy ireo ny amin'ny fampiharana ny foto-pitsipika ao amin'ny lalàna ho amin'ny toe-javabaovao miandry azy ireo izy. Nangataka azy ireo izy mba hanavao ny fanekem-pihavanana nataon'Andriamanitra tamin'ny razambeny — fanekena izay tsy maintsy tandremana amim-pahatokiana ho fepetran'ny fitahian'Andriamanitra azy ireo ao amin'ilay Tany Nampanantenaina.

## *Fizarana 2: Ireo boky tantara*

*Josoa*

Nantsoina hoe Josoa, ilay mpandimby an'i Mosesy ny boky. Ny hevi-dehibe ao amin'ilay boky dia ny hoe manome antsika fahatokiana sy herim-po ny fanatrehan'Andriamanitra sy ny heriny.

Nanaraka hatrany ny Zanak' Israely io boky io raha teo am-piomanana hahazo ny Tany Nampanantenaina izy ireo, tamin'ny alalan'ny fandresen'i Kanana, ny fizarana ny tany, ary ny lahateny fanaovam-beloma nataon'i Josoa.

Feno fientanentanana, fahasamihafan-javatra, fahombiazana ary voninahitra ny fiainana niavaka

Free Digital Copy From ServeNow

nananan'i Josoa. Nalaza ho natoky fatratra an'Andriamanitra izy ary ny toetrany niavaka dia ny finoana, ny herim-po, ny fankatoavana ary ny fanoloran-tena amin'ny lalàn'Andriamanitra.

*Mpitsara*

Ity boky ity dia mirakitra fe-potoana iray nanomboka tamin'ny nahafatesan' i Josoa ka hatramin'ny nahaterahan'i Samoela, izay vanim-potoana nantsoina matetika hoe "taona maizina" teo amin'ny tantara hebreo. Avy amin' ny anarana mpitondra samihafa na mpitsara teo amin'ny Israely nandritry ny 350 taona io boky io. Amin'ireo mpitsara 13 voatonona anarana, dia telo amin'ireo ihany no tena fanta-daza: Debora sy Gideona ary Samsona.

Ity boky ity dia mety ampitondrana ihany koa ny anarana hoe "Ny Bokin'ny tsy fahombiazana". Tantaran'ny firenena natanjaka taloha izay notarihin'i Josoa tamin'ny diany ara-panahy izy io. Tsy mbola naseho miharihary toy ny tamin'ity vanim-potoana mampikorontana ity ny faharetana mahagaga sy ny fahari-pon'Andriamanitra.

*Rota*

Mifanohitra tanteraka amin'ny Bokin'ny Mpitsara ny Bokin'i Rota, saingy mifandray amin'ny vanim-potoana mitovy ny tantara. Ny tantaran'i Rota ilay Moabita, sy ny tsy fivadihany ary ny fifikirany tamin'i Naomy rafozambaviny hebreo, dia maneho amin'ny mpamaky ny sary amin'ny lafiny mendri-kaja kokoa teo amin'ny fiainana hebreo tamin'ny andron'ny mpitsara. Io boky io dia ohatra mampihetsi-po ny fiahin'Andriamanitra ny olony.

*Samoela 1 sy 2*

Boky iray ihany ireo boky roa ireo tany am-boalohany. Nantsoina araka ny anaran'i Samoela izy ireo, tsy noho izy mpandray anjara fototra tao amin'ny tapany voalohany

Free Digital Copy From ServeNow

ihany, fa noho izy nanosotra ireo lehilahy mpandray anjara fototra roa hafa ihany koa, dia i Saoly sy i Davida izany. Ireo boky ireo dia mirakitra fe-potoana iray teo amin'ny tantaran'ny Israely nanomboka tamin'ny nahaterahan'i Samoela ka hatramin'ny fiafaran'ny fanjakan'i Davida. Tovolahy nanova ny hoavin'ny Israely ireo mpitarika telo ireo.

*Mpanjaka 1 sy 2*

Ireo boky roa ireo dia tohin'ny Samoela 1 sy 2 ary tsara vakiana ho tohin' ny tantaran'ny firenena Hebreo. Tany am-boalohany dia boky iray ihany ireo, Mpanjaka 1 sy 2, ary manambara ny tantaran'ny Israely nanomboka tamin'ireo andro nanjakan'i Davida ka hatramin'ny fandravana ny fanjakana tany avaratra, dia ny Israely, ary ny faharavan'ny fanjakana tany atsimo, dia i Joda. Izany no vanim-potoanan'ny voninahitr' Israely, ny fisaratsarahany, ny fitotonganany ary ny fahalavoany.

Ny Mpanjaka 1 sy 2 dia samy manamafy ny fitsarana marina ataon'Andriamanitra momba ny fanompoan-tsampy sy ny fahalotoam-pitondrantena. Miresaka ny amin'ny mpitarika nandritry ny maherin'ny efa-jato taona ireo boky ireo, ny sasany amin'izy ireo dia lehilahin'Andriamanitra ary nahomby, saingy ny ankamaroany kosa dia nanaraka ny fanaon'izy ireo manokana, niala tamin'Andriamanitra teo amin'ny drafitra nataony.

*Tantara 1 sy 2*

Nahatonga ny fiforonan'ny boky tokana mitondra ny lohateny hoe "ireo zavatra tavela" ireo boky roa ireo tao amin'ny Kanona Hebreo. Izany hoe, ny bokin'ny Tantara dia famintinana ny tantara hebreo izay saika mitovy betsaka amin'ny bokin'i Samoela sy ny Mpanjaka.

Ireo boky roa ao amin'ny Tantara dia nosoratana tamin'ny fomba fijery ara-teolojika sy ara-panahy izay mamaly matetika ny fanontaniana hoe "Nahoana?"

Free Digital Copy From ServeNow

manoloana ireo tranga maro ao amin'ny Samoela 2 sy ao amin'ny Mpanjaka. I Davida no olo-malaza ao amin'ny Tantara Voalohany ary i Solomona kosa no fanta-daza ao amin'ny Tantara Faharoa.

*Ezra sy Nehemia*

Ezra syNehemia, izay boky iray ihany tany am-boalohany, dia mamaritra ny fiverenan'ny Jiosy avy natao sesitany taorian'ny fanandevozana nandritry ny antsasa-taonjato mahery tany Babylona, sy ny famerenana amin'ny laoniny an'ny Jerosalema sy ny tempoliny ary ny mandany.

Ny foto-kevitra fototra ao amin'i Ezra dia ny famerenana amin'ny laoniny ny tempoly sy ny ara-panahy, ara-moraly ary ara-tsosialin' ireo sisa tafaverina tao Jerosalema izay teo ambany fitarihan'i Zerobabela sy Ezra. Nomena aina indray ny fanompoam-pivavahan'ny Israely ary nodiovina ny olona.

Manohy ny tantaran'ireo Jiosy niverina avy tany an-tsesitany tany Babylona ny Bokin'i Nehemia. Toy ny tamin'i Ezra, i Nehemia dia nitarika ireo vahoaka. Ny lohahevitra miverimberina ao dia ny famaritana ny maha-zava-dehibe ny vavaka. Mpandrindra sy mpandamina nahay i Nehemia, mpitarika ara-politika izay nitondra ny fireneny ho amin'ny fanavaozana ara-panahy izy. Nanana fikirizana izy ary nitoetra ho mahatoky tao amin'ny vavaka.

*Estera*

Tao amin'ny lapan'i Sosana, iray amin'ireo renivohitra telo teo amin'ny Fanjakana Persianina, no niseho ny tantara voalazan'ny Bokin'i Estera. Maneho an-tsary amitsika mazava tsara momba ny Jiosy tany an-tsesitany, sy ny fankahalan'ny fahavalony izay tsy Jiosy tany Persia ary ny fomba nahatongavan'i Estera ho mpanjaka vadin'i Ahasoerosy (Ksersesy) ny tantara voarakitra ao. Taty aoriana tao amin'ny tantara tao dia nanao vy very

Free Digital Copy From ServeNow

ny ainy izy mba hamonjena ny vahoakany amin'ny fandringanana tanteraka, dia ny Jiosy izany. Ny hafatra mivoitra mazava tsara ao dia ny hoe mampiasa lehilahy sy vehivavy ary olon-tsotra Andriamanitra mba handresena toe-javatra tsy azo tanterahana ka hanatontosany ireo fikasany feno fahasoavana.

### *Fizarana 3: Ireo boky poetika*

*Joba*

Nampitondrana ny anaran'i Joba ny boky, ilay olona mpandray anjara fototra ao. Miresaka ny amin'ny fanontaniana iray izay manahiran-tsaina ny taranak'olombelona rehetra io boky io— dia ny olan'ny fijalian'ny olombelona izany.

Na dia efa namoy ny fananany rehetra aza i Joba ary nijaly nohon'ny areti-mandringana, dia mbola nametraka ny fitokisany tamin'Andriamanitra ihany izy. Manome fanambarana lalina momba ny fahamarinan'Andriamanitra eo anatrehan'ny fijalian'ny olombelona ity boky ity. Mirakitra ny fifampiresahana nisy teo amin'i Joba sy ireo namany momba ny anton'ny fijaliany io boky io. Amin'ny farany, Andriamanitra dia maneho ny vahaolana mifandray amin'ny fahasahiranany. Na dia tsy manana ny valin'ny fanontaniana rehetra momba ny fijaliana aza isika, dia mbola mifehy ny zava-drehetra hatrany Andriamanitra.

*Salamo*

Fitambarana Salamo miisa 150, izay nadika avy amin'ny fiteny fototra hoe "Ny Bokin'ny Fiderana". I Davida Mpanjaka no nanoratra be indrindra ny Boky Salamo, ny 73 amin'ireo 150 no nosoratany. Anisany mpanoratra hafa tao ihany koa i Mosesy, Solomona, Asafa ilay mpitarika ny antokom-pihiran'i Davida, ireo zanak'i Kora ary Jedotona.

Free Digital Copy From ServeNow

Io boky io no fihirana teo am-pelatanan'ny vahoaka Jiosy. Ny fahasamihafàna sy ny fitambaran'ny Salamo dia nametraka an'ity boky ity eo amin'ny toerana miavaka eo amin'ny fiainam-bavaky ny tsirairay sy ny Fiangonana.

*Ohabolana*

Ity boky ity dia fitambarana ohabolana maromaro. Teny feno fahendrena na fanoharana amin'ny endriny feno ny ohabolana. Io boky io dia manamafy tanteraka ny fandosirana ny fahalotoam-pitondrantena sy ny fiarahana amin'ny olon-dratsy.

Ny teny fototra ao amin'ny Ohabolana dia ny *fahendrena*, izany hoe "ny fahafahana miaina ny fiainana amim-pahendrena". Tsy mora anefa ny miaina araka an'Andriamanitra ao amin'ny tontolo iray tsy araka an'Andriamanitra. Manome toromarika amin'ny antsipiriany avy amin'Andriamanitra ho an'ny olony mba hiatrehana amim-pahombiazana ireo raharaha fanao amin'ny fiainana andavanandro ny Bokin'ny Ohabolana.

*Mpitoriteny*

Ny teny anglisy 'ecclesiastes' dia midika hoe "Mpitoriteny". Ny hanaporofo ny mahazava-poana ny zava-drehetra ety ambanin'ny masoandro no tanjon'ny mpanoratra. Io fahamarinana io dia nambara voalohany ho zava-misy, avy eo noporofoina avy amin'ny alalan'ny "traikefa sy ny fandinihana nataon'ny Mpitoriteny." Farany, ny mpanoratra dia mampiseho fa ny fahafenoan'ny fiainana dia tsy hita afa-tsy amin'ny fanekena ny fiainana *ambonin'ny masoandro*, ireo zavatra ara-panahy ary koa ny ara-pitaovana.

*Tonon-kiran' i Solomona*

Io boky io no hany miresaka ny Fitiavana ho lohaheviny manokana ary fitambarana hiran'ny fanambadiana ao

Free Digital Copy from ServeNow

amin'ny Baiboly. Ireo hira ireo dia manazava ny Fitiavana tonga tampoka sy miavaka eo amin'ny mpifankatia sy ny olon-tiany, izay maneho miaraka amin'izany ny karazam- pitiavana omen'i Kristy ho an'ny Fiangonany.

***Fizarana 4A: Ireo boky ara-paminaniana, ireo mpaminany lehibe***

*Isaia*

Ny anaran'ilay mpaminany izay nanoratra ny hafatra rehetra ato amin'ity boky ity no nanomezana ny anaran'ny boky. Toy ny hoe Baiboly nakelezina ny bokin'Isaia. Ny toko 39 voalohany dia manambara ny fahamasinan'Andriamanitra sy ny fahamarinany ary ny rariny avy Aminy. Manambara ny olana mifandray amin'ny fahotana sy ny drafitry ny famonjen'Andriamanitra kosa ireo toko hafa.

*Jeremia*

I Jeremia no mpitondra tenin'Andriamanitra nandritry ny firodanan'ny fanjakana tany atsimo, dia i Joda izany. Na dia nanambara mialoha ny amin'ny handringanana an' i Joda aza i Jeremia, dia noraisiny ho toy ny andro iray izay hahatonga ny finoana an'Andriamanitra ho lasa isam-batan'olona sy ara-panahy izany fitsarana izany. Vokatry ny "fanekena vaovao" nataon'Andriamanitra tamin'ny vahoakany izany.

Iray amin'ireo mpaminany lehibe nanana ny maha-izy azy teo amin'ny Joda nandritry ny andro sarotra indrindra teo amin'ny tantara i Jeremia. Tsy azo ajanona ny fitsarana, fa ny fampanantenana ny amin'ny famerenana amin'ny laoniny kosa dia naparitaka tao anatin'ity boky ity.

*Fitomaniana*

Ny mpanoratra azy, izay noheverina fa i Jeremia, dia "mitaraina" noho ny fijalian'ny vahoakan'Andriamanitra sy

Free Digital Copy From ServeNow

ny fandravana tanteraka ny Tempoly. Nohon' ny fahafantarany fa mamindra fo Andriamanitra, dia mangataka famindram-po amin'ny alalan'ny vavaka izy. Manamafy ny hatsaram-pon'Andriamanitra sy ny fahatokiany eo anivon'ny fijaliana i Jeremia any afovoan'ny boky any.

Eto ianao dia mahita finoana miorim-paka ao amin'ny toetran'Andriamanitra izay tsy miova — tsindrim-peo manamafy ny amin'Andriamanitra izay manana famindram-po tsy manam-pahataperana izany.

*Ezekiela*

Natao sesitany tany Babylona i Ezekiela, izay toerana nandraisany ny antsony sy nanaovany ny fanompoany amin'ny maha mpaminany azy. Ny anjara asan-droa amin'ny maha mpaminany-mpisorona azy sy ny toerany amin'ny maha "mpiambina" ny vahoakany azy dia nahatonga an' i Ezekiela ho niavaka tokoa tamin'ireo mpaminany rehetra.

Misy toko 48 io boky io, ary mizara mazava tsara eo amin'ny fisasahany ny boky noho ny fianjeran'i Jerosalema. Ireo faminanian' i Ezekiela talohan'io fisehoan-javatra io dia hafatra fanamelohana an'i Joda noho ny fahotany; taorian'ny faharavan'ny tanàna dia niresaka tamin'ny olona izay very fanantenana ny amin'ny faniriana sy ny fahatokiana ny famerenana amin'ny laoniny indray ny tanindrazany sy ny fanompoam-pivavahana navaozina ao amin'ny Tempoly ny mpaminany.

*Daniela*

I Daniela dia lehilahin'Andriamanitra mahatoky ary irak'Andriamanitra tsy mba nanan-tahotra. Anisan'ireo mpaminany natao sesitany tany Babylona izy. Niitatra nandritry ny 70 taona ny asa fanompoany.

Ny anaran'i Daniela dia midika hoe "Andriamanitra no Mpitsara ahy". Noraketin'i Daniela an-tsoratra ny zava-nitranga nandritry ny fahababoan'ny Isiraely ary

Free Digital Copy From ServeNow

namporisika ny olona hatoky an'Andriamanitra izay mifehy ny tantara rehetra izy. Maneho an'Andriamanitra izay Mpandresy hatrany ireo fahitan'i Daniela.

Anisan'ireo babo an'ady sambatra indrindra i Daniela sy ny namany telo lahy izay mbola tanora dia tanora tokoa. Lasa iray amin'ireo filoha telo teo ambany fahefan'ny mpanjaka izy.

***Fizarana 4B: Ireo mpaminany madinika roa ambin'ny folo***

*Hosea*

Hosea, midika hoe "famonjena" ny anarany, ary nanompo tao amin'ny faritra avaratry ny fanjakan'ny Israely izy. Raha jerena avy aty ivelany io firenena io dia toa nianoka tao anatin'ny fotoanan'ny fanambinana sy ny fahavokarana, fa ny ao anatiny kosa dia fahalotoana ara-pitondran-tena sy ny fanitsakitsahana ara-panahy no nanenika ny olona. Nantsoina matetika hoe "mpaminanin'ny fitiavan'Andriamanitra" i Hosea. Tsy ny fahotan'ny olony ihany no nahavaky ny fon'i Hosea, fa nitondra hazo fijaliana mavesatra teo amin'ny fiainany manokana ihany koa izy — satria nanitsakitsaka azy ny vadiny. Tao anatin'izany fanandramana mangidy izany, dia nanjary takatr'i Hosea ny fitiavan'Andriamanitra ireo zanany nania ary nitalaho tamin'ny olony izy mba hibebaka sy hametraka ny tenany eo ambanin'ny fangorahan'Andriamanitra sy ilay Fitiavana izay tsy mba hamela ny Israely hiala Aminy.

*Joela*

Nantsoina tamin'ny fomba nentim-paharazana hoe "Mpaminanin'ny Pentekosta", nohon' ny faminaniany momba ny firotsahan'ny Fanahy izay voalazan'i Petera ao amin'ny Asan'ny Apostoly 2:16 izy. I Joela no karazan'olona afaka mahita ny mandrakizay ao anatin'ny toe-javatra voafetran'ny fotoana. Tamin'ny fotoana

Free Digital Copy From ServeNow

nitondrany ny hafany, dia ravan'ny lozam-balala ilay firenena, izay noraisiny ho famantarana mialoha ilay Andron'ny Tompo rehefa hanao zavatra mivantana hanasazy ny olony nohon'ny fahotany Andriamanitra. Niantso ny vahoakan'i Joda i Joela mba hibebaka ary nampanantena fa ny fibebahana dia hitondra ny fitahian'Andriamanitra ara-nofo sy ara-panahy koa. Nofaritany izany fitsarana izany *ho andro lehibe sy mahatahotra an'i JEHOVAH* (Joela 2:31).

*Amosa*

Mpiandry ondry ary teratany avy any Joda i Amosa, ka nantsoin'Andriamanitra haminany tany amin'ny faritra avaratry ny fanjakan'ny Israely nandritry ny fitondran'i Jeroboama II (786-746 T.K.). Tsy nitsitsy na iza na iza ity mpaminany ity, ka nanambara am-pahasahiana ny fitsaran'Andriamanitra nananontanona.

Amin'ny alalan'ny sarin-tononkalo mahery vaika i Amosa no niresaka tamin-kafanam-po momba ny fiahian'Andriamanitra ny mahantra ary mandrisika ny fiverenana amin'ny fahamarinana sy ny rariny.

Imbetsaka ny olona no nandika ny lafiny rehetra tamin'ny fifanekeny tamin'Andriamanitra. Na izany aza anefa, ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny fitiavany dia miharihary amin'ny fanolorany ny fanafahana raha toa ka miverina Aminy ihany ny olona. Naniraka an'i Amosa tamin-katsaram-panahy Andriamanitra mba ho mpitondra fanavaozana ka hampitandrina ny vahoaka Israely.

*Obadia*

Ity boky fohy indrindra amin'ireo boky ara-paminaniana tsy misy afa-tsy andininy 21 ity, dia fanamelohana mafy an'ireo Edomita, taranak'i Esao, izay nankahala ny Isiraely hatrany am-boalohany. Ny tapany farany amin'ilay faminaniana kosa dia miresaka ny amin'ny Andron'i Jehovah rehefa hihatra amin'ny firenena hafa sy Edoma ny

Free Digital Copy From ServeNow

fitsaran'Andriamanitra ary faranan'ilay boky amin'ny fampanantenana fa *ho an'i Jehovah ilay fanjakana.*

*Jona*

Ity boky ity dia nampitondrana ny anaran'ilay olona mpandray anjara fototra ao, izay midika hoe "voromailala" ny anarany. Rehefa naniraka azy Andriamanitra hampitandrina ny mponin'i Ninive mba hibebaka, dia nandeha tamin'ny toerana hafa nifanohitra tamin'izany i Jona. Nampiasain'Andriamanitra ho fitaovana hanehoana ny fahasoavany anefa ilay mpaminany feno fisalasalana. Tsy manam-paharoa i Jona satria izy irery no nantsoina hitory teny tamin'ny Jentilisa ao amin'nyTestamenta Taloha kanefa voalohany tamin'ireo nandà ny antso ihany koa izy.

Ny boky dia milazalaza ny amin'ny fangorahana lehibe hananan' Andriamanitra ho an'ny olona rehetra sy ny faniriany hamela heloka amin-kitsimpo, na inona na inona nataon'ny olona iray.

*Mika*

Nandao ireo olona akaiky azy i Mika mba hampita hafatra henjana momba ny didim-pitsarana ho an'ireo andrian-dahy sy ny mponin'i Jerosalema. Ny hafany dia nampifandimby ny faminaniana momba ny loza sy ny faminaniana momba ny fanantenana, ary nanantitrantitra fa halan'Andriamanitra ny fanompoan-tsampy, ny tsy rariny, ny fikomiana ary ny fombafomba poak'aty, nefa mahafaly Azy kosa ny mamela ny helok'ireo izay miverina Aminy.

Mitovitovy amin'ny hafatr'i Amosa ny hafatr'i Mika; maro amin'ireo fahotana mitovy endrika ao amin'ny boky iray no voalaza ao ihany koa, ary amin'ny fomba fiteny mitovy ihany koa izay mikitoantoana, mivantana, mahatezitra, maharesy lahatra no ampiasaina. Manome fanantenana ho an'izay rehetra tsy mivadika Aminy Andriamanitra.

Free Digital Copy From ServeNow

*Nahoma*

I Nahoma, izay midika hoe "fampiononana", dia naminany ny amin'ny firenena lozabe any Asyria. Nampahatsiahiviny ny vahoakan'i Joda fa Andriamanitra no mifehy ny tantara ary tsy hamela ny ratsy hanjaka mandrakizay Izy. I Ninive, izay renivohitr'ilay firenena, dia nomena tombontsoa hahafantatra an'ilay hany Andriamanitra marina. Naminany ny amin'ny faharavan' i Ninive i Nahoma, ary tanteraka tokoa izany.

*Habakoka*

Nivavaka sy naminany tamin'ny fotoan-tsarotra i Habakoka. Nanaitra ny sehatra iraisam-pirenena ny zava-nitranga izay nanan-danja be tokoa. Ny vahoakan'Andriamanitra dia tafiditra tao anatin'ny krizy anaty, ara-pivavahana sy ara-pitondran-tena.

Mirakitra ny fitarainana sy ny fanontanian'ny mpaminany ary ny valintenin'Andriamanitra taminy ity boky ity. Ao amin'ireo valintenin'Andriamanitra dia hitan'i Habakoka ny varavarana manomboka amin'ny fanontaniana mankany amin'ny fanamafisana. Am-pinoana no hidirany amin'io varavarana io ka ahafahany manamafy hoe, *Hifaly ao amin'ny Tompo aho ... Andriamanitra, Tompo, no heriko.*

*Zefania*

Ity boky ity dia mirakitra lohahevitra roa lehibe amin'ny fampianarana ara-paminaniana: ny fitsarana sy ny famonjena—izay mihitatra amin'ny firenena rehetra. Namporisika ny olona hibebaka i Zefania ary nanome toky azy ireo izy fa aorian'ny fibebahana dia hitoetra eo anivon'ny olo-marina sisa rehetra Andriamanitra.

*Hagay*

Ny Mpaminany Hagay, izay niaraka tamin'i Zakaria, dia namporisika an'ireo niverina avy tany an-tsesitany mba

Free Digital Copy From ServeNow

hanorina indray ny tempoly. Nasehon'i Hagay mazava tsara ny vokatry ny tsy fankatoavana sy ny fitahiana azo avy amin'ny fankatoavana rehefa nilaza tamin'ny olona izy fa izy ireo ihany no nanaisotra ny fitahian'Andriamanitra tamin'izy ireo nohon'ny nahafoizany ny drafitry ny fanorenana ny tempoly. Rehefa mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana sy ny tempoliny ny olona dia voatahy. Ny fankatoavana dia mitondra fampaherezana sy tanjaky ny Fanahin'Andriamanitra.

*Zakaria*

Antsoina indraindray hoe "Apokalipsy an'ny Testamenta Taloha" io boky io, izay mirakitra ny hafatr'i Zakaria mpaminany, ilay niara-belona tamin'i Hagay.

Ny fanompoan'i Zakaria ara-paminaniana dia nitranga tamin'ny fotoana namerenana ny Jiosy avy amin'ny fahababoana tany Babylona. Nitondra teny fampaherezana sy fandrisihana tamin'ireo vahoaka kivy nohon'ny asa fanorenana indray ny tempoly i Zakaria.

*Malakia*

Anaran'ny boky farany ao amin'ny Testamenta Taloha ary koa anaran'ny mpaminany Malakia, izay midika hoe "ilay irako" izany. Ireo lohahevitra roa lehibe ao dia ny fahotana, ny fihemorana amin'ny Israely ary ny fitsarana ho avy amin'ireo tsy mino, miaraka amin'ireo fitahiana nampanantenaina ho an'ireo izay mibebaka.

Na dia feno fiampangana sy fampitandremana aza ny hafatr'i Malakia, dia manasongadina ny fankasitrahan'Andriamanitra ny fitiavantsika Azy amin'ny fo manontolo sy ny fankatoavantsika Azy koa izany.

## NY TESTAMENTA VAOVAO

Misy boky 27 ao amin'ny Testamenta Vaovao, izay mizara ho vondrona efatra lehibe amin'ny ankapobeny.

Free Digital Copy From ServeNow

***Fizarana 1: Ireo Filazantsara***

*Matio*

Io Filazantsara io dia natao ho an'i Matio Ilay poblikanina sy mpamory hetra no sady mpianatra ihany koa. Io no fitantarana feno indrindra ny amin'ny fampianaran'i Jesosy ary nosoratana mba handresen'ny mpanoratra lahatra ireo mpamaky ny bokiny, izany hoe ireo jiosy, fa i Jesosy no Mesia. Ny andalan-teny fampianarana manan-danja indrindra dia ilay Toriteny teo an-tendrombohitra.

Ao amin'ny bokin'i Matio ihany no ahitanao ireto tantara ireto: Ny fahitan'i Josefa, ny famangian'ireo olon-kendry, ny fandosirana tany Egipta, ny famonoana ny zaza, ny fahafatesan'i Jodasy, ny nofin'ny vadin'i Pilato, ny fitsanganana tamin'ny maty teo amin'ny fanomboana, ny kolikoly sy filokana nataon'ireo mpiambina, ary ny fanamafisana ny batisa ao amin'ilay Iraka Lehibe.

*Marka*

Marka no Filazantsara fohy indrindra ary azo hinoana fa nosoratan'i Jaona Marka, naman'i Petera sy Paoly ary Barnabasy nandritry ny dia misionera nataony. Io Filazantsara io dia mitantara ny asa fanompoan'i Jesosy nanomboka tamin'ny batisany ka hatramin'ny niakarany tany an-danitra. Vitsy kokoa ny fanoharana nataon'i Marka, saingy nirakitra an-tsoratra ny "asa lehibe" nataon'i Jesosy ho porofon'ny hery avy amin'Andriamanitra izy.

Hafatra mitondra fanantenana, dia i Jesosy Kristy, ny hafatra ampitain'i Marka.

*Lioka*

I Lioka, izay niaraka tamin'i Paoly tamin'ny dia misionera nataony, no mpanoratra ny Filazantsara fahatelo. Nanoratra i Lioka mba hanehoana fa Mpamonjy sy Mpanasitrana ary mpampianatra i Jesosy.

Free Digital Copy From ServeNow

Ao amin'io Filazantsara io i Jesosy dia nanao fahagagana tokoa tamin'ny andro Sabata: Namoaka demonia tamin'ny lehilahy iray Izy, nanasitrana ny rafozam-bavin'i Petera, nanasitrana ilay lehilahy mararin'ny paralysisa teo amin'ny farihin'i Betesda Izy. Nanasitrana vehivavy mararin'ny aretina Izy, ary nanasitrana lehilahy mararin'ny fivontosana, ary koa lehilahy iray teraka jamba.

*Jaona*

Ny Filazantsaran'i Jaona dia nosoratana mba hanamafisana ny finoan'ny Kristianina fa i Jesosy no Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra. Fitoriana ny Filazantsara no tanjony ary voalaza ao amin'ny Jaona 20:31 izany. Tsy vitan'ny hoe mirakitra an-tsoratra ny zava-nitranga tahaka ny an'ireo Filazantsara hafa i Jaona, fa naneho ny heviny manokana ihany koa izy ny amin'ny zava-nitranga tamin'ny fanomezana ny hevitr'ireo ara-panahy. *Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra* (Jaona 1:1).

***Fizarana 2: Ny tantara***

*Asan'ny Apostoly*

Ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly dia mirakitra ny tantaran'ny Fiangonana tany am-boalohany. Ny teny fampidirana dia maneho mazava fa i Lioka no nanoratra io boky io. Manomboka amin'ny niakaran'i Jesosy tany an-danitra ny boky, manohy izany ny firoboroboan'ny Kristianisma — hatrany Jerosalema sy ny manodidina, avy eo tany Syria, Azia Minora, Gresy, ary tonga hatrany Roma. Mitantara mazava tsara ny fomba namakivakian'ny Filazantsara ny faritra ara-jeografika sy ara-kolontsaina io boky io.

Free Digital Copy From ServeNow

***Fizarana 3: Ireo taratasy***

*Romana*

Io taratasy io no lava indrindra sy manana hery miasa mangina indrindra amin'ny asa soratr'i Paoly rehetra. Nosoratany ho an'ny Kristianina tany Roma izany, izay niriany ho tsidihina. Nanoratra momba ny fahotana i Paoly, ny lalàna izay tsy afaka mitondra famonjena, ny fomba hanomezan'Andriamanitra famonjena amin'ny alalan'i Jesosy ary ny dikan'ny hoe mino Azy.

Nanoratra ny taratasiny ihany koa i Paoly mba hitantarana ny fomba namondronan'Andriamanitra ny olona avy amin'ny fiaviana samy hafa ho tena iray, dia ny Fiangonana, tamin'ny alalan'ny zavatra nataon'i Kristy ho azy ireo teo amin'ny hazo fijaliana sy tamin'ny nitsangananany tamin'ny maty.

*Korintiana 1 sy 2*

Ireo taratasy roa ireo dia nosoratana ho an'ny fiangonana Korintiana izay nahitana trano fiangonana maro tao antanàna. Niady amin'ny olana mateti-piseho ankehitriny izy ireo: ady, fifampiandaniana ary ny fananahana. Ireo taratasy ireo dia mirakitra fampianarana momba ny Fanasan'ny Tompo na Fiombonana, ny Fanahy Masina ary ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana nananany teny ampahibemaso, hanehoana fa ny Fitiavana no fanalahidin'ny fiainana kristiana.

Ny taratasy faharoa dia nantsoina matetika hoe "ilay taratasin'ny ady mafy" Mitantara ny fahasahiranana sy ny fahoriana niaretan'i Paoly teo amin'ny fanompoana an'i Kristy izy io. Raisin'ny apostoly ho toy ny zanany ao amin'i Kristy ny Korintiana.

*Galatianina*

Nantsoina matetika hoe taratasin'ny fahafahana ny Galatianina. Manamafy i Paoly fa efa notapahana ny

Free Digital Copy from ServeNow

fatoran'ny ota ary noho izany dia olon'afaka ao amin'i Kristy isika mba ho afaka miaina araka ny lalàn'ny fitiavana isika. Ny fanamarinana antsika dia nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia toy izany koa ny fanamasinana sy ny fanehoam-boninahitra antsika.

Maro no namaky ny Galatianina ary nanararaotra ny fahafahany manao ny sarotavan'ny fahafahana kristiana. Mampalahelo izany, satria ny fahazoan-dàlana dia midika fa manana fahafahana hanota isika. Fa ny fahafahana, hoy i Paoly, dia midika fa manana fahalalahana tsy hanota isika. Ny fahafahana dia manome lanja ny fifandraisana velona sy mavitrika amin'i Kristy.

*Efesianina*

Iray amin'ireo taratasy efatra nosoratan'i Paoly tao am-ponja izy io. Ny telo hafa dia Filipiana sy Kolosiana ary Filemona. Miantso ireo mpino hanana fiainana mendrika ny fiantsoana Kristiana azy ireo io taratasy io. Lohahevitra roa no resahany: ny firaisan-kina Kristiana sy ny fiainana marina. Tsy nosoratana ho an'ny Efesiana irery ihany io taratasy io fa naely tany amin'ny fiangonana maro hafa koa.

*Filipianina*

Taratasim-pifaliana izy ity. Voatonona in- enina ambin'ny folo ao amin'ilay taratasy izany lohahevitra izany. Maneho ny fanetren-tenan'i Jesosy ihany koa io taratasy io. Nalefa ho fisaorana ny fiangonana nohon' ny fanohanan'izy ireo ny asa fanompoan'i Paoly izy io. Taratasy mampahery izy ity, kanefa miresaka ny amin'ny fisaratsarahana sasantsasany izay mila fampihavanana ihany koa.

*Kolosiana*

Ny taratasin'i Kolosiana dia fantatra loatra nohon' ny fampianarany sy ny ahafohezany. Ny fijoroana tsara no

Free Digital Copy From ServeNow

hifantohany lalina. Nanoratra tamim-panahiana lalina sy tamim-bavaka i Paoly. Ny mpino Kolosiana dia toa tadidomin-doza nohon'ny fitarihan'ny fampianaran-diso izay nandrahona ny hamitaka ny olona ny amin'i Kristy sy ny finoana kristiana. Noho izany, ny ampahany betsaka amin'ny fampianaran'io taratasy io dia miompana amin'ny fahambonian'i Kristy.

Hita taratra avy amin'ilay taratasy fa mbola tsy nitsidika ny fiangonana tany Kolosia mihitsy i Paoly. Ampahafantariny azy ireo fa i Kristy no Andriamanitra, i Kristy no lohan'ny Fiangonana, ary tafaray amin'i Kristy izy ireo.

*Tesaloniana 1 sy 2*

Ireo taratasy ireo dia nosoratana taoriana kelin'ny nanorenana ny Eglizy Tesalonika. Mampahery an'i Paoly ny asa mafy nataon'ireo Tesaloniana sy ny faharetana nitohy tao amin'ny Filazantsara ka tsy miahotra ny mamporisika azy ireo izy.

Ny Tesaloniana dia fiangonana mbola tanora ka mila fitarihana—toy ny fiangonana maro eto amin'izao tontolo izao ankehitriny ihany— izay feno fientanam-po sy fitiavana an'Andriamanitra kanefa sahiran-tsaina amin'ny fanontaniana momba ny foto-pinoana na ireo toetra maha-mpiremby. Ny sasany amin'ireo fanontaniana ireo dia nitodika tany amin'ny eskatolojia na ny fianarana momba ny fiafaran'ny fiainan'ny olombelona sy izao tontolo izao izany, ny hafa kosa momba ny fiainam-piangonana amin'ny ankapobeny. Samy resahina amin'ny fomba tena azo ampiharina ireo roa ireo.

*Timoty 1 sy 2*

Ny taratasin'i Paoly voalohany ho an'i Timoty dia miresaka ny amin'ny olana maro mitovy amin'izay atrehan'ny fiangonantsika ankehitriny. Miresaka ny amin'ny fahefana, ny fampianarana, ny fanompoam-pivavahana ary ny fampaherezana izy ny amin'ny ezaka hampifanaraka

Free Digital Copy From ServeNow

ny fiaraha-monina Efesiana amin'ny fahamarinan'ny hafatry ny Filazantsara. I Timoty no solontenan'i Paoly tany Efesosy ary tsy maintsy niseho ho modely tao anatin'ny fotoan-tsarotra izy.

Nosoratana dimy taona teo ho eo tatỳ aoriana ny Timoty Faharoa. Ity taratasy ity dia tena hafa noho ilay voalohany raha eo amin'ny fomba fampitana hafatra ary natao mba hahakasika ny isam-batan'olona kokoa.

Tao am-ponja i Paoly no nanoratra, ary fantantsika taty aoriana kely ao amin'ny taratasiny fa nilaozan'ny olona sasany izay noheveriny fa hiara-hijoro aminy mandrakariva izy.

Ao amin'io taratasy io i Paoly dia mampita ny fanilo amin'ireo taranaka vaovaon'ny mpitarika ny fiangonana. Niangavy azy ireo koa i Paoly mba hitsidika azy sy hitondra fitaovam-pamakiana boky ho azy.

*Titosy*

Taratasy manokana nosoratan'ny Apostoly Paoly ho an'ny mpanompo tanora iray navelany tany amin'ny nosy Kreta izy io. Ny taratasy ho an'i Titosy dia azo ampiharina amin'ny fiainana ary miresaka ny amin'ny olana andavanandro sedrain'ny mpanompo tanora iray.

Feno fampitandremana sy toromarika io taratasy io, nefa fampaherezana ihany koa, satria nohamafisin'ny fomba fiteny sy ny hafatra tao amin'ny taratasin'i Paoly ny fahefan'i Titosy. Natao hovakiana mafy eo anatrehan'ny fiangonana izy io ary miresaka lohahevitra mahaliana samihafa ho an'ireo fiangonana tao Kreta.

*Filemona*

Ny taratasin'i Filemona no fohy indrindra amin'ireo taratasin'i Paoly. Nosoratana ho an'i Filemona, mpiray finoana taminy, izy io. Ny tanjon'ilay taratasy dia ny fiangavian'i Paoly an'i Filemona mba handray an'i Onesimosy mpanompony indray ao an-tranony toy ny rahalahiny.

Free Digital Copy From ServeNow

Lasa Kristianina niova fo i Onesimosy fony izy niaraka tamin'i Paoly, noho izany dia tokony ho amin'ny fomba hafa mihitsy ny fiverenany.

Ity taratasy ity dia natao ho an'ny olona sasantsasany ary mivaky toy ny taratasy manokana mihitsy. Na izany aza anefa dia natao ho vakina amin'ny fiangonana manontolo izany.

*Hebreo*

Ny foto-kevitr'ity taratasy ity dia fampaherezana mba hiaretana tahaka ny niaretan'i Kristy. Manantitrantitra izy io fa "tsara lavitra" i Jesosy. Tahaka ny toriteny ny nanoratana azy io, ary ny taratasy dia antsoina hoe *teny fananarana* (Hebreo 13:22).

Azo inoana fa nandalo fanenjehana mafy ireo Kristianina Jiosy nahazo io taratasy io. Koa satria mbola tsy niverina nanorina ny fanjakany i Kristy, dia nila nomena toky indray ireo Kristianina ireo fa tena marina tokoa ny Kristianisma, ary i Jesosy tokoa no Mesia.

*Jakoba*

Ny Bokin' i Jakoba dia mampiharihary ny fomba fanao mihatsaravelatsihy kanefa mifantoka tanteraka amin'ny fitondran-tena kristiana marina ihany koa. Taratasy azo ampiharina amin'ny fiainana andavanandro mifandray amin'ny etika Kristiana izy io. Manizingizina i Jakoba fa asa, fa tsy kabary, no mariky ny maha mpianatra. Hita amin'ny alalan'ny asa ataontsika ny finoantsika.

*Petera 1 sy 2*

Ny mpanoratra dia i *Petera, apostolin'i Jesosy Kristy izy.* Ny lahateniny ao amin'ny Asan'ny Apostoly dia mampiseho fihetsika mitovy manoloana ny fanenjehana sy ny fijaliana. Ny taratasy eto dia maneho fotoam-pahoriana sy fitsapana. Mananatra ny mpamaky ho amin'ny fiainana

Free Digital Copy From ServeNow

madio sy araka an'Andriamanitra i Petera ary manentana azy ireo ho amin'ny fiorenana sy ny fahatokiana.

Ny taratasy voalohany dia nosoratana mba hampaherezana ireo mpino anaty fotoan-tsarotra amin'ny alalan'ny fampahatsiahivana azy ireo ny fahamarinan'ny finoany.

Ny taratasy faharoa kosa dia fampahatsiahivana ireo mpamaky ny amin'ny fahamarinan'ny Filazantsara izay noraisiny. Mampahatsiahy azy ireo izy fa hitana ny teny fikasany ny Tompo na dia eo aza ny toe-javatra iainan'izy ireo.

*Ireo taratasin'i Jaona*

Taratasy telo nosoratan'ny Apostoly Jaona ireo. Nanohy nampianatra ny hevi-disony ireo mpampianatra sandoka. Noho izany dia nanoratra ny taratasy voalohany i Jaona. Ao anatin'izany dia manantitrantitra ny toetra maha-olombelona an'i Jesosy izy. Efa nandre an'i Jesosy izy, nahita Azy ihany koa ary nikasika Azy mivantana tamin'ny tanany. Nanoratra izy mba ho fantatr'ireo mpamaky azy fa manana fiainana mandrakizay izy ireo.

Ny taratasiny faharoa sy fahatelo dia miresaka olana manokana ao amin'ireo fiangonana roa notandremany tany akaikin'i Efesosy. Ny Jaona Faharoa dia miantefa na amin'ny fiangonana na angamba ho an'ny vehivavy iray. Ny Jaona Fahatelo kosa dia natao ho an'i Gaio, ilay lehilahy iray noderaina nohon'ny fahaizany mandray vahiny.

*Joda*

Toa nosoratana ho an'ny olona avy amin'ny fiaviana jiosy ka niova ho Kristianina ny bokin'i Joda. Mampitandrina ireo mpamaky azy amin'ny loza ateraky ny fialana amin'ny finoana izy ary manasongadina ny tsy finoan'ny Israelita ho fampahatsiahivana ny fitsaran'Andriamanitra. Nampirisika ny olona i Joda mba *hiaro ny finoany* (andininy 3), ary amin'ny tsodrano famaranana izy dia

Free Digital Copy From ServeNow

mametraka azy ireo ho eo amin'*Ilay maharo azy ireo mba tsy ho tafintohina* (andininy 24).

***Fizarana 4: Ny boky momba ny ho avy***

*Apokalypsy*

Mampirisika antsika ho amin'ny fiainan'ny mpandresy ity boky ity nohon'ny fanantenantsika ny amin'ny ho avy. Zava-dehibe ho an'ny fiangonana ankehitriny ny mahatakatra ny hafatry ny Bokin'ny Apokalypsy, tahaka ny naha zava-dehibe izany ho an'ny fiangonana fony i Jaona nanoratra azy io voalohany.

Ny apostoly Jaona no nanoratra azy io rehefa nenjehina sy natao sesitany tany amin'ny nosy Patmosy izy. Ny Bokin'ny Apokalypsy dia miresaka ny amin'ny fiandrianan'Andriamanitra, ny fiverenan'i Kristy, ireo olona mahatokin'Andriamanitra, ny fitsarana ho avy, ary ny fanantenantsika ny amin'ny ho avy.

**Nahoana no lazaina fa boky manan-danja indrindra eto an-tany ny Baiboly?**

Ny Baiboly no boky hany tokana manan-danja indrindra voasoratra hatramin'izay. Toy ny fitantarana vavolombelona nanatri-maso ny zava-nitranga ara-tantara lehibe izy ka namolavola ara-bakiteny ny tontolo iainantsika. Ity boky ity dia fototry ny zava-drehetra ho fantarintsika na ho vitaintsika olombelona.

Indreto misy antony maromaro tokony handinihanao an'io boky io.

***Nanova izao tontolo izao ny Baiboly***

Olona maro maneran-tany no mamaky ampahany amin'io boky io isan'andro. Anisany boky natonta be indrindra teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao izy io. Efa natonta tamin'ny fiteny fantatra rehetra izy io (anisan'izany ny Braille natao ho an'ireo jamba) hatramin'ny nanoratana

Free Digital Copy From ServeNow

azy voalohany ary izy no boky voalohany natao pirinty tamin'ny milina fanontam-pirinty. Mbola io boky io hatrany no be mpividy indrindra isan-taona eran'izao tontolo izao.

### *Olona maro no vonona hanao izay azony atao ho an'ity boky ity*

Voarara ny Baiboly any amin'ny firenena sasantsasany. Maro ireo olona namoy ny ainy mba ho afaka ampiasa io boky io fotsiny. Any amin'ny firenena maro dia heloka bevava ny mizara na manana io boky io. Ny sasany efa niezaka nanafoana ny baiboly mihitsy. Tsy nahomby anefa izy ireo.

Maro no mankahala azy, ny hafa kosa mankafy azy. Rehefa mamaky azy ianao dia tsy maintsy misy tosika avy aminao na ho tia na hankahala azy. Fa ny tena zava-dehibe dia fiainana maro no voaova tanteraka noho io boky io.

### *Mirakitra hafatry ny fahafahana izay manova fiainana ity boky ity*

Nampiakatra ny hasina sy ny zon'ny olombelona rehetra teraka hatrizay ny Baiboly. Ary mirakitra fampianarana mazava momba ny lanja sy ny mahasarobidy ny olona tsirairay izy.

An'ny rehetra izy io ary efa nananan'ny kolontsaina sy foko ary firazanana rehetra. Ity boky ity dia mirakitra hafatra amin'ny fotony indrindra; milaza azy ho tena tenin'Andriamanitra marina izy.

Raha tsy mahalala na inona na inona momba an'Andriamanitra ianao amin'izao fotoana izao, dia hahalala zavatra betsaka momba an'Andriamanitra ianao rehefa avy mamaky azy io. Raha milaza fa efa mahalala zavatra betsaka momba an'Andriamanitra ianao, dia ho fantatrao bebe kokoa ny momba Azy rehefa avy mamaky azy io ianao.

Free Digital Copy From ServeNow

***Mampifandray anao amin'ilay olona manan-danja indrindra izay mety tsy mbola nifanena taminao mihitsy io boky io***

Jesosy no anarany, izay antsoina ihany koa hoe Kristy, na Mesia. Ny Testamenta Taloha manontolo dia milaza ny fahatongavany, ary ny Testamenta Vaovao iray manontolo kosa dia manamarina ny fampianarany sy ny asany.

Nahita ny tena fiainana tao amin'ny anarany ny olona. Ny sasany nositranina sy nafahana nohon'ny anarany. Rehefa mihaona amin'i Jesosy ao amin'ireo pejin' ity boky ity ianao dia hanova anao ihany koa Izy.

I Jesosy no hany mpitondra fivavahana nitsangana tamin'ny maty. Ny hafa rehetra dia efa maty avokoa ka nalevina. Efa maty i Abrahama. Toy izany koa i Mosesy. Maty i Mohameda. Maty Bouddha, ary maty toy izany koa i Gandhi. Jesosy irery ihany no afaka milaza fa velona.

Free Digital Copy From ServeNow

# FANONTANIANA HO FIANARANA SY FANDINIHANA

- Firy ny boky ao amin’ny Testamenta Taloha sy ao amin’ny Testamenta Vaovao?

- Efa namaky ny Baiboly manontolo, hatramin’ny voalohany ka hatramin’ny farany ve ianao?

- Raha toa ka vao haingana no lasa mpino ianao, moa ve efa nanandrana namaky ny Testamenta Vaovao ianao?

- Misy boky manokana ve ao amin’ny Testamenta Taloha izay tena nahakasika anao amin’ny fomba miavaka? Amin’ny fomba ahoana no niresahan'izy ireo taminao?

- Olona maro no milaza matetika fa nahakasika azy manokana ny Salamo. Efa namaky ny tantaran’i Davida ve ianao izay hita ao amin’ny Samoela 1 sy 2, Mpanjaka 1, ary Tantara 1 izay manambara ny amin’ny niandohan’ireo Salamo ireo? Raha tsia ny valinteninao, dia ataovy izany.

Free Digital Copy From ServeNow

- Misy boky miavaka maromaro niantefa taminao manokana ve ao amin'ny Testamenta Vaovao? Nahoana na tamin'ny fomba ahoana?

- Inona no fanantitranterana samy hafa momba an'i Kristy asehon'ireo mpanoratra efatra ny filazantsara?

- Rehefa mamaky ireo taratasy nosoratana ianao dia hahita fa samy mampianatra ny Fiangonana ireo fitsipika manan-danja samihafa eo amin'ny fiainana izy ireo. Efa namaky ny taratasy tsirairay ho toy ny boky iray ihany ve ianao mba hahitanao hoe manao ahoana no iharan'ireo fitsipika ireo amintsika Kristianina ankehitriny?

- Nahoana no zava-dehibe amintsika ny Baiboly?